TILY ETO MADAGASIKARA

*"Tanteraho ny fanompoanao" II Timoty 4:5e*

# VAZON'NY ANDIANY 1



**Edisiona 2021-2024**

SARIKO

**ANARAKO :** ……………………………………………………………………………………………

**FANAMPINA ANARAKO :** ……………………………………………………………………………

**DATY NAHATERAHAKO :** ………………………………………………………………………………

**ADIRESIKO :** ………………………………………………………………………………………………

**ENINA :** …………………………………………………………………………………………………

**ANDIANY :** ………………………………………………………………………………………………

**FIANGONANA NIAVIKO :** ……………………………………………………………………………

**FARITANY NIAVIKO :** …………………………………………………………………………………

# TENY FANOLORANA

« Hira atiala » no iantsoana ireo hira entina handravahana sy hanomezana aina bebe kokoa ny fomba fanabeazana sy fomba fampitana hafatra amin'ireo lovitao ao amin'ny Atiala. Voambolana mifono anatra tsotra sy sahaza ny salan-taona an'izy ireo no hita ao anatin'ny tonony.

Koa ampifaliana no anoloran'ny ekipa Fanabeazana sampana mavo 2021-2024, indrindra ao anatin'izao fankalazana ny faha 100 taona ny Tily Eto Madagasikara izao, ity boky « Hira atiala » ity ho fitaovam-panabeazana. Karazan-kira noforon'ireo zoky tany aloha sy angon-kira no nohezahina narafitra ato anatin'ny boky.

Maro amin'ny ankizy no manana talenta ka hanampy azy ireny hitrandraka sy hiaina izany amin'ny alalan'ny asa famoronana na tononkalo, na famoronan-kira eny fa na ny dihy. Tarihina ny sain'ny mpiandraikitra mba hazoto hatrany hanoana ireo lovitao amin'ny talenta mety ananany.

Mirary an'ise mpiandraikitra ihany koa hazoto hampiatra sy hitrandraka ho an'ireo beazina.

Isaorana lehibe Andriamanitra tamin'ny famolavolana sy fanantontana ny fitaovana. Isaoarana ny ekipa departemanta Fanabeazana tamin'ny fifanampiana rehetra.

Ny beazina no tsangambato.

Ny departemanta Fanabeazana
Sampana mavo nasionaly
2021-2024





# FIANANAY LOVITAO

Fiainan'atiala

No fiainanay Lovitao

Fiainam-pianaram-pahakingana

Ry Akela

> Fiainam-pifaliana
>
> No fiainanay Lovitao
>
> Fiainam-piravoana feno hira
>
> Ry Baloo



Fianana madio

No fiainana lovitao

Ka tianay ny misasa mba hadio

Ry Bagheera

> Fiainam-panampiana
>
> No fiainana Lovitao
>
> Ka satrinay mba hanampy hanao soa
>
> Ry Kaa

Ref :

Tsy tianay ny fomba ratsy

'Zay fanaon'ny Bandarg Log

Efa vonona hankatoa anao izahay

Ry Akela









## JUNGLENAY

Junglenay no diavinay
Ka faly hihaza izahay.
Tongotra ho kinga,
tsy ho kivy izahay.
Eny, jungle-nay no diavinay
Ka faly hihaza izahay.
Ny lalàna ao an tsaina.
Akéla arahinay.
Yaou,yaou!yap,yap,yaou(bis).
Mahazo mihaza,ry louveteaux !

## LOVITAO NITSANGATSANGANA

Lovitao *… nitsangatsangana
Nangala tahaka an'i **…
Satria nahita hafaliana
Dia niantso namana iray faha ***…

*Isa : Iray,roa,telo
**Mponina atiala : Baloo, Akela, …





## AO ANATY ALA AO MIFALY



Ao anaty ala ao, mifaly havanja milalao

Ireo vahoaka marobe ho tanisaiko an'ise.

Akela Baloo Hathi  Mère louve, Mowgli

Indro Chil, Frère Gris ary Mang sy Sahi

Ts hadino Bagheera, ry Père loup sy i Kaa.

Fa ny hany tsy mba teo Ilay komavoka kotringa

Tabaqui izay tsy mba kinga

*Tonony : Rajoelison Jocelyne sy*

*Razanajoary Voahangy*

*Feony : Sorohitra Mikalo*

## LASAN'NY BABAKOTO

Lasan'ny Babakoto i Mowgli

Nentiny nandihidihy

Natsipitsipiny teny ambony hazo


Ka nisidina avo dia avo

Chil (x3) antsoy Baloo

Chil (x3) antsoy Bagheera

Chil (x3) antsoy Kaa

Izaho sy ise dia iray ra





## CHIL RE NO TENA IDEALY



Chil re no tena idealy soa
Akela,Baloo no tsara tokoa
Maminay re i Mowgli
Ary koa Hathi
Mandehana re mihaza
Ao anaty ala ao
Fa miandry anao tokoa
Akela Kaa
Hobio re fa maty ilay lozabe,
I Shere khan
Ilay tigra ratsy tarehy



Latsaka tanaty bozaka
Ilay zazakely Mowgli
Nitomany nikofokofoka
Niantso hoe avia
Indro fa tany Père Loup
Nahita azy honena tokoa
Dia nentiny tany an-tranony
Ka tonga (x2) zanany






Akela à gauche  
Bagheera à droite  
Vive les louveteaux  
X 2

Vive Baloo  
Vive Kaa  
X 2

Vive les louveteaux



A-A-Akela no eo aloha  
Ba-Ba i Baloo no tamy koa  
Loup Loup Loup Loup Loup  
Miainga avokoa ny andiany  
Andeha hihaza izao

Nitsambikimbikina (x2)  
Izato Rajako  
Bandar-log, biby maloto  
Biby tena donto









## IZAHAY SY BALOO

Izahay sy Baloo, niaraka indray mandeha
Baloo teo aloha niditra atiala be
Nandeha ka nandeha kinanjo loza hoy ise
Fa hantsana be lalim-be tokoa

Izahay sy Baloo, niaraka indray mandeha
Baloo teo aloha, niditra atiala be
Nandeha ka nandeha kinanjo loza hoy ise
Baloo teo aloha no latsaka tao

Izahay sy Baloo, niaraka indray mandeha
Baloo teo aloha, niditra atiala be
Dia tamy i Kaa ka nanontany ahy hoe
Nahoana ise no dia kanosa be ?

Izahay sy Baloo, niaraka indray mandeha
Baloo teo aloha, niditra atiala be
Tsy izany r'ise, tsy izaho no kanosa be
Baloo ngeza be ka tsy zakako








## HIRAN' NY LOVITAO MALAGASY



I - Izahay no Louveteaux,
Malagasy kely,
Falifaly lava izao,
Kinga raha hiremby,
Ka ny fihazana atao,
Ao anaty ala ao,
Dia fanaovan-tsoa
Ifalian'ny fo.
Izahay dia mahay
Raha hitady remby
Soa ombieniombieny.

II - Akela, Balo, Hathi
No ekenay teny
Babakoto, Tabaqui
Tsy tianay ireny
Mère Louve Bagheera
No mibaiko: "Mihazà"
'Zay fanaovan-tsoa
Hifalian'ny fo!
Izahay dia mahay
Raha hitady remby
Soa ombieniombieny

III - Rehefa lehibe 'zahay,
Any indray andro any,
Dia ho tily tsara indray
"Vonona" hatrany
Ho an'Andriamanitray
Sy ny Tanindrazanay,
Ka fanaovan-tsoa
Hifalian'ny fo.
Izahay dia mahay
Raha hitady remby
Soa ombieniombieny.







Ho endry aho (x2)

Ho fitaratra !

Satria mba tiako sy faniriako

Ny hiatsara hatrany

Miara manaiky an'i Bagheera

Hanoa an'i Akela

Mihaino izay lazain'i Baloo,

Ary i chil Koa

## DANS LA JUNGLE PROFONDE

Dans la jungle profonde,

On entend le vieux loup,

Appelle à la ronde,

Tous les loups, tous les loups

P'tits loups, vieux loups !

Tous les loups, tous les loups,

P'tits loups, vieux loups,

Tous les loups, tous les loups.







Loups, loups, loups

Levons-nous

Louveteau, louveteau

Rassemblons-nous

Loups, loups, loups



**DIHIN'I KAA**

Pss, Pss, Pss,Pss

Kaa izay, Kaa izay

Mampianatra , Mampianatra

Sy naman'i Mowgli

Sy naman'i Mowgli

*Rajoelison Jecelyne M.*



O ry Loup izay mandre

Izany antson'i Baloo

Izy no nampianatra

Ireo lalana an-kiroa

Ndeha re , ndeha re

Mba hanoa azy !







Faingana re ry Lovitao

Fa miandry Akela

Haza lehibe re no atao

Mivonona ianao Ndao !

Ao koa i Baloo sy Bagheera

Fa vonona handeha

Mihazakazaha hanaradia

Yap Yap Yao

## O RY ENINA MIOMANA IANAREO

O ry Enina *… miomana ianareo

Fa hihaza ao anaty ala ao

Akela sy Baloo, Bagheera no indreo

Efa vonona miandry anareo

Yaou (x4) Yap (x2) yaou

Malaky avia , malaky andao

Iray ra koa izaho sy ise

Ary hazako hazan’ise

*Loko enina : Manja, Mainty..









## MIANTSO AKELA

Miantso miantso Akela

Koa faingana isika izao

Miantso miantso Akela

Koa faingana , faingana zalahy

Ny zokin'ny enina eo aloha

Ary isika eo ivoho

Miantrana hankato

Miantso miantso Akela

Koa faingana isika izao

Miantso miantso Akela

## JUNGLE RE NO MISY ANAY

Jungle re no misy anay

Akela lehibenay

Jungle re no misy anay

Vahoaka afaka izahay

Baloo eo aloha

Kaa, Hathi koa

Chil sy sahi

Arahin'i Mowgli

Ouh

*Enina Fotsy lasy fananterana*

*Imeritsiatosika Faritra*

*Antananarivo 1995*







Atiala misy anay

Akela arahinay

Baloo, Bagheera , Hathi

No mitantana ny dia

Kaa Chill, frère gris

No manampy an'i Mowgli

Hihaza aty ( x2)

Loup,loup,loup,loup

Miantsoa Akela

Loup loup loup loup

Miazakazaha

Koa afaingano ny enin'ise

Hiala vokona

Isika izao

Loup loup loup loup

Miantso Akela







## MIFALY AVANJA ERY

1. Lovitao, Lovitao, Lovitao, Lovitao

   Faly mihaza ry zareo

   Mifaly avanja ery fa hilalao

2. Lovitao, Lovitao, Lovitao, Lovitao

   Ao anaty ala ao

   Mifaly avanja ery fa hilalao

*Rajoelison Jocelyne*

## IRAY RA IZAHO SY ISE



Iray ra rà izaho sy Ise

Iray rà ka faly ré

Mifankatiava ry lovitao

Ka mifandraisa tanana

*Rajoelison Jocelyne*





## O RY ENINA MIOMANA IANAREO

O ry Enina *… miomana ianareo

Fa hihaza ao anaty ala ao

Akela sy Baloo , Bagheera no indreo

Efa vonona miandry anareo

Yaou (x4) Yap (x2) yaou

Malaky avia , malaky andao

Iray ra koa izaho sy ise

Ary hazako hazan'ise

*Loko enina : Manja, Mainty..

## TSARA HAZA

1. Tsara haza ry lovitao

   Tsara haza ry zalahy

   Mazotoa aza kivy re

   Mazotoa mihaza

2. Ny fotsy no hihaza

   Tsara haza ry zalahy

   Mazotoa aza kivy re

   Mazotoa mihaza

3. Ny mainty no hihaza…

   ….

*Rajoelison Jocelyne*







Jereo ireto Loup

Miara milalao

Dia tamy i Baloo

Nanampy azy Tao

Indro Akela sy Bagheera

Ary koa i Kaa

Dia falifaly oa !

yap yap you

yap yap you

yap yap ya

yap yap ya

Oh ! mifohaza ry lovitao

Fa miandry Akela sy Baloo

Fa iala vokona isika izao

Faingana , faingana r'ise









Haza irina ho marobe
Ka faingana re ise
Rann,Chil sy Hathi
Efa miandry antsika ery
Tongava sy mivonona avokoa
Ndeha hihaza ny andiany
Akela mialoha

Dia manaraka ao aoriana
I Baloo mavesa doha
Indro tsinjo ery ambony
I Darzee toa faly ery
Faingana ary mivonona avokoa
Roso hihaza ny andiany
I Baloo efa efa eo koa



Mitandrema koa ry Loup !
Fa toa tazako itsy koa
I Kareit sy Tabaqui
Toa mitady hankaty
Sokafy tsara ireo masonao roa
Aoka tsy mba ho adino
Ireo lalana ankiroa





## MOWGLI ZANAK'OLOMBELONA



O jereo, O jereo , O jereo ilay zanak'olombelona
jereo, O jereo miara mihaza amin'ny lovitao
Aiza ho ahy ilay zanak'olona
Aiza Oah fa hazako io
Aiza ho ahy lay zanak'olona
Aiza Oah fa hazako io
OOOO !OOOO ! tsy ho anao lay zanak'olona
OOOO ! OOOO ! tsy ho anao io Sherekhan

## DIHIN'I MANG

Rehefa gina re ny tontolo
Iny Ramanavy Mang mibitsika hoe
Miomana ry atiala fa hatory
Iny Ramanavy Mang mibitsika hoe
Miomana ry atiala fa hatory







## HIHATSARA HATRANY



Raha te ho lovitao manoa tsara ise

Dia tadidio ilay hiaka be

Ny tarabolana tsy adino

Dia mitingitingina avokoa  mahay ny hoe

Hiatsara hatrany

Hiatsara hatrany

Hiatsara hatrany

Hiatsara hatrany

## HENOY HENOY TSARA

Henoy henoy tsara

Henoy henoy tsara


Henoy henoy tsara

Ry lovitao fa hiteny Akela

Henoy henoy tsara

Ry lovitao fa hiteny Akela

*Rakotomavo Tsiory*







**AKELA SY BALOO …**

**ARAK'IZAY AZO ATAO**

Akela sy Baloo
Bagheera, Hathi koa
Arak'izay azo atao
Hiatsara hatrany hatrany
No tanjonay

Satria loup izahay
Mowgli koa namanay
Arak'izay azo atao
Hiatsara hatrany hatrany
No tanjonay

Lehibe izahay,
Dia ho tily tsara indray
Arak'izay azo atao
Hiatsara hatrany hatrany
No tanjonay







## HIRA TARABOLANA

1. Hivory ny Andiany miantso izao,

   Nareo re no tiany ka avia avia,

   Akela mitady samia re mandady

   Mankanesa aty.

2. Hivory ny Andiany, miantso izao

   Ka ny fifaliany isika ka andao

   Akela efa any

   Baloo koa toy izany miandry ny Lovitao

3. Rehefa tafavory isika izao

   Ka ny boribory ndeha re atao

   Akela efa eto, ary isika ireto

   Hiara-milalao.



TILY ETO MADAGASIKARA

*"Mandehana amin'izao herinao izao (...) ka Tanteraho ny fanompoanao"*
*Mpitsara 6.14 - II Timoty 4:5e*




**TILY ETO MADAGASIKARA**
**Ankany Kristianina ho an'ny zatovolahy**
**Antsahamanitra**

**MADAGASIKARA ,101 Antananarivo ,771 BP**
**Tilyscout.mg**
**www.scout.mg**